# HAFATRA VALO HO FANORENANA MAFY KOKOA

V1.1

Nasehon'i GEZANI fa mila matanjaka kokoa ny fomba fanorenana trano. Ireto misy hafatra valo manan-danja momba ny fomba hanamboarana/hanamafisana ny trano sy hanorenana indray amin'ny fomba azo antoka kokoa.

## TOY NY AHOANA NY FIHARAN'NY RIVODOZA AMIN'NY TRANONAO?




## 1 FANORENANA AMIN'NY TANY MAFY



## 2 FAMATORANA MIAINGA AVY AMBANY HATRANY AMBONY



## 3 FANOHANANA, FIAROVANA AMIN'NY RIVOTRA MAHERY



## 4 FAMPIASANA TONON-KAZO MATANJAKA



## 5 FANAFOANA TSARA NY TRANO




## 6 FANORENENA TRANO AMIN'NY TOERANA AZO ANTOKA



## 7 TRANO MIENDRIKA TSOTRA DIA MAHARO ANAO



## 8 FIOMANANA

- FIALANA AMIN'NY TOERANA ATAHORANA
- FIFANDRAISANA
- FOMANANA NY ENTANA

MADAGASCAR SECTEUR ABRIS
Coordination des abris et établissements humains

SECTEUR CCCM
Madagascar

MATSF
MINISTÈRE DE L'AMÉNAGEMENT DU TERRITOIRE ET DES SERVICES FONCIERS

CROIX-ROUGE MALAGASY

IFRC

IOM UN MIGRATION

# HAFATRA VALO HO FANORENANA MAFY KOKOA

## Fanorenana amin'ny tany mafy

**Tena zava-dehibe ny fototra satria mampifamatotra ny trano amin'ny tany. Ny fiantohana fa mifanaraka amin'ny toerana misy ny tranonao sy ny toetry ny tany ny fototra dia miaro ny tranonao amin'ny rivotra mahery, ny horohoron-tany ary ny tondra-drano.**

**A** Manohana ny fidiran'ny rano ao amin'ny trano




**F** Misakana ny fidiran'ny rano ao anatin'ny trano



**B** Miaro ny trano amin'ny bibikely manimba




**C** Mitazona ny hazo tsy hifandray amin'ny rano mba tsy ho lo



**D** Misakana ny fanosehana ny trano mba tsy hianjera



**E** Vesarina ny lanjan'ny trano mba tsy ho voasintona



## INONA NO AZOKO ANAMAFISANA HO FOTOTRY NY TRANOKO?

Andry hazo Ambony tany | Andry hazo Ambany tany



Malemy loatra

Ny vatofantsika dia mampitombo ny lanjan'ny fototra | Ny hazo voaharo sy voalevina dia miaro amin'ny fahalovana



Matanjaka ihany

Andry napetraka ao anaty fototra vita amin'ny "béton" | Vy fanamafisana napetraka ao anaty fototra vita amin'ny béton



Matanjaka kokoa

Fehy vy voatambatra tamin'ny bilao ary manisy elanelana eo amin'ny fototra sy ny andry mba hisoroana ny faharerahan'ny hazo




Matanjaka indrindra

1




## Famatorana miainga avy amin’ny ambany hatrany ambony

Amin'ny fotoanan’ny rivo-doza, mety ho voasinton'ny rivotra ka hirodana na ho levon'ny rivotra ny tranonao. Fatory hatrany amin'ny tany ny tranonao. Atomboy avy any ambany izany ary ampiakaro
















## INONA NO AZOKO AMPIASAINA HAMATORAKO NY TRANOKO?

Tady na kofehy fanjonoana nylon



Tady vy matevina “galvanisé” (sosona maromaro)



Fihazonana hazo



Vy galvanisé



matanjaka

indrindra

## MISY RIVOTRA MAHERY HO AVY?

Fatorana rehefa misy rivotra mahery



# HAFATRA VALO HO FANORENANA MAFY KOKOA

## Fanohanana, fiarovana amin'ny rivotra mahery

Ny fanohanana matanjaka dia misoroka ny fanosehana na fisintonana ny tranonao hianjera na hisaraka nohon'ny rivotra. Tokony ho matanjaka ny fanohanana mba tsy ho potika na hisaraka ny trano.

Asio fanohanana eo anelanelan'ireo fanambarana hampatanjaka ny tranonao.

**A** Tohano ny rindrina rehetra



**G** Hamafiso manodidina ny varavarana sy ny varavarankely



**B** Tohano ny ambanin'ny tafo



**C** eo anelanelan'ny andrin-tafo sy ny vovonana



**D** Ampifandraiso amin'ny tohana ireo tsivalana sy andry



**E** Fanohanana feno amin'ny lafiny roa eo amin'ny fifandraisan'ny andry sy ny tsivalanana



**F** Fametrahana fanohanana amin'ny 45°. Tsy latsaky ny 30° ary tsy mihoatra ny 60°




## INONA NO AZO AMPIASAINA ANOHANAKO NY TRANOKO?

Fantsiho amin'ny tariby vy galvanisé matevina



Afatory amin'ny tariby vy galvanisé efa tonta



**Matanjaka**

Mampiasà hazo



Fantsiho amin'ny fehy vy tsy mety harafesina



**Matanjaka kokoa**

Mampiasà hazo sy fehy vy galvanisé



**Matanjaka indrindra**

# HAFATRA VALO HO FANORENANA MAFY KOKOA

## Fampiasàna tonon-kazo matanjaka

Ny tanjaky ny tranonao dia miankina indrindra amin'ny fifamatoran'ireo singa mandrafitra azy. Ataovy matanjaka ny fifamatorana tsirairay mba tsy ho voatosika na voasintona ka hisaraka.
Tsara kokoa ny fantsika mitsivalana satria tsy ho voasarika hiakatra na hidina nohon ny rivotra izany.

**A** Mampiasa hazo mihoatra ny tonon-kazo mba hisorohana ny fahavavisan'ny hazo vokatry ny fantsika



**F** Mampiasà takelaka fanamafisana hanamafisana ny tonony



**B** Aza andrimbinana be loatra ny andry na ny tsanganana lehibe




**C** Tsy alahatra ny fantsika rehefa mamantsika




**D** Ny famantsiana misopirana día hanamafy ny fifandraisana



**E** Fampifandraisana amin'ny takelaka sy fehy mitsangana sy mitsivalana mba hampitomboana ny tanjaka



## INONA NO AZO AMPIASAINA HANAMAFISAKO NY FANAMBARANA HAZO?

Fantsika tokana



Malemy loatra

Fantsika roa



Vis



Matanjaka

Fifandraisana mifampiditra tsara sy fantsika



Takelaka vy



Matanjaka kokoa

Bilao sy « ecrou »



Matanjaka indrindra

# HAFATRA VALO HO FANORENANA MAFY KOKOA

## Fanafoana tsara ny trano

Ny fomba famolavolana sy fananganana ny tafonao dia tena zava-dehibe mba hiarovana anao amin'ny rivotra mahery sy ny orana. Ataovy amin'ny endrika sy fihantonana mety ny tafonao, ary kapohina tsara amin'ny fantsika mba hiarovana amin'ny tafiotra.

**A** Ataovy fohy ny sisin-tafo mba tsy ho mora akarin'ny rivotra, nefa lava ampy hiarovana ny rindrina amin'ny orana




**E** Ampifanindrio ny takelaka tafo mba hanamafisana ny fifamatorana




**B** Ny filantsian-tafo tsara indrindra raha fanitso dia 30°.

15°
Malefaka loatra



30°
Mahery






50°
Mihantsana loatra



**C** Mampiasà fantsika maro kokoa amin'ny sisin'ny tafo rehetra




**D** Mampiasà pointe tôle sy silicone



## INONA NO AZOKO AMPIASAINA HANAMAFISAKO NY TAFO?

Fantsika mahazatra



Malemy loatra

Fantsika ary peratra vy

(tsara ho an'ny bambou)



Matanjaka

Fantsi-tafo misy miendrika elo eo amin'ny lohany ho fanariana rano

Bilao miampy "rondelle"



Matanjaka indrindra

## INONA NO ENDRIKAN'NY TAAFAOKO?

Lafy tafo iray



Tafo misy lafiny roa



Tafo misy lafiny efatra



Malemy loatra

Matanjaka

Matanjaka indrindra

**A** Aoreno ny tranonao mba tsy ho tratran'ny tondra-drano



## Aoreno amin’ny toerana azo antoka ny tranonao

**Fantaro ireo loza mety hitranga eo amin'ny toerana misy anao ary manaova trano mafy araka izay tratra mba hiatrehana izany.**

**E** Mampiasà sakana rivotra hiarovana ny tranonao amin'ny rivotra mahery



**Az** Aza manangana trano amin’ny toerana mora mihotsaka sy mety hianjeran'ny vato



**D** Manorena alavitry ny hazo lehibe na esory ny hazo manakaiky ny trano mba hampihenana ny mety hisian'ny fahasimbana



**C** Ahenao ny loza ary manorena alavitry ny loharanon’ny loza raha azo atao



## Trano miendrika tsotra dia maharo anao

Zava-dehibe ny endriky ny tranonao mba hampihenana ny fahasimbana amin'ny rivotra mahery. Ataovy tsotra sy matanjaka foana ny endriny.

**A** Ny fiholika fanampiny amin'ny trano dia manalefaka ny tanjany



**B** Ny endrika tsotra sy mifintina no azo antoka indrindra



Ny halavany tsy mihoatra ny in-telo ny

**C** Aza atao lava loatra



**D** Tsara raha misaraka amin'ny tafo lehibe ny ribany



## AHOANA NO TOKONY HAMETRAHANA NY TRANO?

Ny trano mifanakaiky loatra dia mitazona ny rivotra



Fanasarahana ireo trano mba handalo sy hivoahan'ny rivotra



# HAFATRA VALO HO FANORENANA MAFY KOKOA

## A — INONA AVY IREO LOZA METY HISY ETO AMIN'NY TOERANA MISY AHY?

Rivo-doza?

Tondra-drano?

Fiakaran'ny rano?

Tsunami?

Horohoron-tany?

Fihotsahan'ny tany?

Sompona?

## Fiomanana

Zava-dehibe ny fiomanana satria io no fomba lehibe indrindra hampihenana ny fiantraikan'ny loza. Zava-dehibe ny manomboka mandray fepetra sy miomana dieny izao.

## B — Amin'ny fotoana maharitra, inona no azoko atao hanomanana

Asio fanohanana

Asio takelaka hiarovana ny varavarankely sy ny fidirana.

Mamoròna sakana amin'ny rivotra

Manomàna efitra fiarovana matanjaka

## C — REHEFA HO AVY NY LOZA INONA NO AZO ATAONTSIKA AMIN'NY TRANO?

Afatotra ny trano

Arovana ny varavarankely sy ny fidirana

Atsangana ambony ny entana sarobidy mandritra ny tondra-drano

Hamafisina ireo fitaovana mba tsy ho entin'ny rivotra

Esorina amin'ny herinaratra ny fitaovana rehetra

## AHOANA NO AFAHANAY SY NY MPIARA MONINA AMIKO HIATRIKA NY LOZA?

### FILEFANA

Manaova drafitra ary ampiharo izany

Manapaha hevitra mialoha raha hiala na hijanona eo an-toerana

Manomàna làlana fialana azo antoka

Fantaro hoe aiza ireo toerana fialofana

Fantaro izay fitaterana azonao ampiasaina

### FIFANDRAISANA

Fantaro ireo famantarana fampitandremana momba ny loza

Fantaro ny fomba ahafahanao mahazo fampahalalana momba ny loza

Ampahafantaro ny havanao sy ny namanao hoe aiza ianao no handositra

Fantaro ny fomba hifandraisanao amin'ny havana sy ny namana aorian'ny loza

Fantaro ny fomba sy ny olona ampahafantarina ny toe-javatra misy anao aorian'ny loza

Fantaro hoe aiza no ahitana fampahalalana momba ny olona very

### ENTANA HIOMANANA

Manomàna kitapo vonjy taitra tsy tantera-drano mialoha ny loza

Ataovy mora entina ny 'kitapo vonjy taitra' ary ampidiro ao anatiny:

kitapo fitaovam-pitsaboana

akanjo fanampiny sy kiraro azo antoka,

jiro sy labozia sakafo fototra

fitaovana fandrahoan-tsakafo fitaovana fototra

antontan-taratasy manan-danja manokana/karapanondro

Aza adino ny rano kely

MADAGASCAR SECTEUR ABRIS
Coordination des abris et établissements humains

SECTEUR CCCM
Madagascar

MATSF
Ministère de l'Aménagement du Territoire et des Services Fonciers

IFRC

IOM UN MIGRATION